Malagasy

# Faith: A Bond of Trust and Loyalty

By Elder Sandino Roman
*Of the Seventy*

# Finoana: Fifamatorana vokatry ny fitokisana sy ny tsy fivadihana

Nataon'ny Loholona Sandino Roman
*Ao amin'ny Fitopololahy*

April 2025 general conference

---

*Faith sprouts as we trust in Jesus Christ and blooms as we are faithful and loyal to Him.*

When I was 17, I made an agreement with my friend José Luis to teach him how to swim. So one morning we dedicated time to practice. When our lesson was over and I was leaving the pool, I heard my friend shouting for help. He was drowning in the deep end of the pool.

I threw myself into the water and swam toward him while praying for help. As I grabbed his hand to pull him to the surface, my desperate friend climbed onto my back and put me in a choke hold. Now we were both drowning. Trying my best to reach the surface, I prayed with all my might for a miracle from God. Then, slowly but steadily, the power of God was manifest as I felt a hand propelling me toward the shallow end of the pool, bringing us to safety.

This experience confirmed a profound lesson President Russell M. Nelson once taught: "When you reach up for the Lord's power in your life with the same intensity that a drowning person has when grasping and gasping for air, power from Jesus Christ will be yours."

Dear children and young people, today I

*Mitsimoka ny finoana rehefa matoky an'i Jesoa Kristy isika, ary mamelana rehefa mahatoky sy tsy mivadika Aminy isika.*

Fony aho fito ambinifolo taona dia nanao fifanarahana tamin'i José Luis namako aho fa hampianatra azy hilomano. Noho izany dia nanokana fotoana izahay indray maraina hanaovana fanazaran-tena. Rehefa tapitra ny lesonay ka iny aho hiala ny dobo filomanosana iny no injay reko ilay namako nikiakiaka niantso vonjy. Teo am-pilentehana teny amin'ny faran'ny lalin'ilay dobo filomanosana izy.

Nitsambikina tao anaty rano aho ary nilomano nanatona azy sady nivavaka nangataka fanampiana. Raha iny aho nandray ny tanany hisintona azy hipoitra avy ao anaty rano iny no nitaingina teo an-damosiko ilay namako efa very fanantenana ary namikitra tamin'ny tendako ka tsy nahafahako niaina. Lasa samy niara-nilentika izahay. Nanao izay rehetra vitako aho hipoirana avy ao anaty rano no sady nivavaka tamin'ny heriko manontolo nangataka fahagagana avy amin' Andriamanitra. Avy eo dia niseho tamin'ny fomba miadana kanefa azo antoka ny herin' Andriamanitra rehefa nahatsapa tanana iray aho nanosika ahy hankeo amin'ny faritra marivo tamin'ny dobo filomanosana ka nitondra anay teny amin'ny toerana azo antoka.

Io zavatra niainana io dia nanamafy ny lesona mahery vaika iray nampianarin'ny Filoha Russell M Nelson indray mandeha manao hoe: "Rehefa miandrandra ny herin'ny Tompo eo amin'ny fiainanareo toy ireny olona mitady hilentika mitady vonjy sy mila rivotra ireny ianareo dia hahazo ny hery avy amin'i Jesoa Kristy."

Ry zatovo sy ankizy malala, androany aho

want to talk to you about the essential principle of faith in Jesus Christ.

## Faith in Christ Means Trusting Him

What does it mean to have faith in Christ? Does it mean webelieve in Himor have a testimony that He is real? That may be a start, but it's more than that. Have you ever thought of faith astrust?Think of the person you trust the most—perhaps a family member or a friend. Why do you trust them? It is probably because you have seen their constantloveandhelp.

When we have faith in Christ, we recognize His blessings and develop a relationship of trust with Him.

In a recent youth devotional, you were invited to meditate on a time in your life when you received a ray of heavenly light.Try this exercise!

Start by meditating about Christ and the happiness His Atonement and gospel bring to your life. Also, make a record of the "spiritually defining memories"where God has been there for you, for your loved ones, and for the people in the scriptures. Now, these testimonies will not bring power to your life until the Spirit etches them in the "fleshy tables" of your heart.So ponder and record all God set in motion for these miracles to come at just the right time.

Next, use this exercise as an opportunity to get closer to God. Pray to your Heavenly Father as if it were the first time. Express your love and gratitude for His blessings.Even ask Him how He feels about you and about the direction your life is taking.

If you are sincere and humble, you will hear His answer and begin a personal and lasting relationship with Heavenly Father and Jesus Christ. Not only that, but your religious habits will become meaningful! For instance, you will

dia te hiresaka aminareo mikasika ilay fitsipika manan-danjan'ny finoana an'i Jesoa Kristy.

## Ny finoana an'i Kristy dia midika hoe matoky Azy

Inona no dikan'ny hoe manana finoana an'i Kristy? Midika ve izany hoemino Azyna manana fijoroana ho vavolombelona fa tena misy Izy? Mety ho fanombohana izany fa mbola mihoatra lavitra noho izany ilay izy. Moa ve ianao tsy mbola nieritreritra ny finoana hoefitokisana?Mieritrereta olona iray izay tena atokisanao indrindra—mety hoe olona iray ao amin'ny fianakaviana na namana iray. Nahoana ianao no matoky azy ireo? Angamba satria mety hoe hitanao nyfitiavanasy nyfanampianatsy miovaova ananan'izy ireo.

Rehefa manam-pinoana an'i Kristy isika dia mahatakatra ireo fitahiany sy mamboly fifandraisam-pitokisana Aminy.

Tamin'ny fampaherezam-panahy niaraka tamin'ny zatovo vao haingana ianareo dia nasaina hisaintsaina fotoana iray teo amin'ny fiainanareo izay nandraisanareo ny tara-pahazavan'ny lanitra. Andramo ity fampiharana ity!

Atombohy amin'ny fisaintsainana momba an'i Kristy sy ny fahasambarana entin'ny Sorompanavotany sy ny filazantsarany eo amin'ny fiainanao izany. Dia raketo ihany koa ireo "fahatsiarovana ara-panahy manamarika ny fiainana"izay naha teo an' Andriamanitra ho anao sy ho an'ireo havanao ary ho an'ireo olona ao amin'ny soratra masina. Ankehitriny dia tsy hitondra hery eo amin'ny fiainanao ireny fijoroana ho vavolombelona ireny raha tsy soratan'ny Fanahy eo amin'ny "vato fisak[y]" ny fonao.Koa diniho ary raketo ireo zava-drehetra nahetsik' Andriamanitra hahatanteraka ireny fahagagana ireny tamin'ny fotoana nampety azy indrindra.

Manaraka, ampiasao ity fampiharana ity ho toy ny fotoana ahafahana manatona kokoa an' Andriamanitra. Mivavaha amin'ny Rainao any An-danitra toy ireny hoe vao sambany ianao no manao izany. Ambarao ny fitiavanao sy ny fankasitrahanao noho ireo fitahiana nomeny.Anontanio Azy mihitsy aza ny fahatsapany mikasika anao sy mikasika ny fizotry ny fiainanao.

Raha toa ianao ka mahitsy fo sy manetry tena dia handre ny valiny omeny ary hanomboka fifandraisana manokana sy maharitra amin'ny Ray any An-danitra sy Jesoa Kristy. Tsy izany fotsiny ihany fa ireo fahazarana ara-pivavaha-

look forward to your prayers, personal study, and temple worship as opportunities to get to know Them and be with Them.

na anananao dia ho lasa misy dikany! Ohatra, lasa tsy ho andrinao ny fotoana hivavahana sy hanaovana fandalinan'ny tena manokana ary ny fitsaohana any amin'ny tempoly ho toy ny fotoana hahafahanao mahafantatra Azy ireo sy miaraka amin'Izy ireo.

## Faith Flourishes with Loyalty

Notice that faith sprouts as we trust in Jesus Christ and blooms as we are faithful and loyal to Him. If you want a true relationship with Christ, show Him by making covenants and honoring them with faithfulness and loyalty. Making covenants with Jesus Christ builds hope. Honoring them builds faith.

Let me use a personal example: When I was a child, I found my mother crying alone one day. When I asked her why, she gently said, "I need you to be a good boy." Even though I knew that I was not the cause of her distress, I loved and trusted my mother like no one else and wanted to make her life less difficult. So, with tears in my eyes and with all the solemnity that a nine-year-old can have, I promised her that day I would always strive to be the best son and make her proud.

Can you imagine the power that promise had—and still has—on me?

That promise with her would guide my life. Before making decisions, I would consider whether my actions would please her. The bond of this promise and the relationship with my mother were the anchors for my conduct throughout my life.

Years later, as I came to know Jesus Christ better, I already knew how to base my faith in Him. I made covenants with the Lord, and as I have sought to honor them, He has forgiven my sins, guided my life, and "filled me with his love" to the very core of my being.Christ has instilled in me a deep love, respect, and loyalty for Him.

## Miroborobo arakaraka ny tsy fivadihana ny finoana

Mariho fa mitsimoka ny finoana rehefa matoky an'i Jesoa Kristy isika, ary mamelana rehefa mahatoky sy tsy mivadika Aminy isika. Raha mila fifandraisana marina amin'i Kristy ianao dia asehoy Azy izany amin'ny fanaovana fanekempihavanana sy fanajana izany amim-pahatokiana sy tsy fivadihana. Manorina fanantenana ny fanaovana fanekempihavanana amin'i Jesoa Kristy. Ny fanajana azy ireny kosa dia manorina finoana.

Mamelà ahy hampiasa ohatra avy amiko manokana: fony aho mbola zaza dia nahita ny reniko nitomany irery aho indray andro. Rehefa nanontaniako azy ny antony dia namaly tamin-katsaram-panahy izy hoe: "Tiako ianao ho lasa zazalahy tsara." Na dia fantatro aza fa tsy izaho no antony nampalahelo azy dia tiako sy natokisako mihoatra ny olon-kafa rehetra ny reniko ka tiako ny hanao izay tsy hampananosarotra ny fiainany. Noho izany, tamin-dranomaso sy tamin'ny fahamatorana izay mety hananan'ny zaza sivy taona no nampanantenako azy tamin'io andro io fa hiezaka lalandava aho ny ho ilay zanakalahy tsara indrindra ka hahatonga azy hirehareha noho ny amiko.

Azonao an-tsaina ve ny fiantraikan'izany fampanantenana izany teo amiko tamin'izany—eny, hatramin'izao aza?

Io fampanantenana nifanaovako taminy io no nitari-dalana ny fiainako. Mialoha ny handraisako fanapahan-kevitra dia nandinika foana aho hoe mahafaly azy ve ny zavatra ataoko. Io fifamatorana vokatr'io fampanantenana io sy ny fifandraisako tamin'ny reniko no vatofantsika ho an'ny fitondrantenako nandritra ny androm-piainako.

Taona maro taty aoriana rehefa niha-nahafantatra kokoa an'i Jesoa Kristy aho dia efa nahay hoe ahoana ny fomba hampifotorana ny finoako Aminy. Nanao fanekempihavanana tamin'ny Tompo aho, ary rehefa nikatsaka hitandrina azy ireny aho dia namela ny heloko Izy sy nitantana ny fiainako, ary "nofenoiny ny fitiavany aho" hatrany amin'ny lalina indrindra amin'ny tenako.

Do you understand why “faith is a principle of action”and that “without faith it is impossible to please [God]”?

As you try to do what pleases Him,you will say, like Joseph in Egypt when he was tempted by Potiphar’s wife, “How then can I do this great wickedness, and sin against God?”And when faced with opposition, you will say, like the young Prophet Joseph, “I knew it, and I knew that God knew it, and I could not deny it; … I knew that by so doing I would offend God.”

So faith in Jesus Christ is a bond of trust forged in loyaltyand love. In other words, in gratitude for God’s merciful love (hesed), we show our loyal love (emunah) by keeping His commandments.

Christ promises, “He that hath my commandments, and keepeth them … shall be loved of my Father, and I will love him, and will manifest myself to him.”If you commit to being loyal to Him, He will manifest His love for you.

## Faith in the Face of Adversity

But how should you respond to such adverse situations that require His miracles? While challenges are inevitable and sometimes frightening, simply walk undauntedtoward Him, just as the 2025 FSY conference theme invites: “Look unto me in every thought; doubt not, fear not.”

Imagine that you are an explorer in uncharted territory. To overcome the obstacles ahead, you need a source of light. Your faithfulness to God and your constant interactions with Him are the fuel for your lantern. So when you encounter dark and perilous situations, instead of walking toward them blindly, you will turn on your lamp filled with the oil of faith in Christ to shed glimmers of hope on the uncertain path.Your past experiences will increase your hope that the Lord will sustain you on your journey.

Nandrotsaka tato amiko fitiavana sy fanajana lalina Azy ary tsy fivadihana Aminy i Kristy.

Takatrao ve hoe nahoana no mahatonga “ny finoana ho fitsipika izay mitaky asa,”ary “raha tsy amin’ny finoana dia tsy misy azo atao hahazoana sitraka amin’[Andriamanitra]”?

Rehefa miezaka manao izay sitrany ianao,dia hiteny ianao tahaka an’i Josefa tany Egypta rehefa nalain’ny vadin’i Potifara fanahy hoe: “Ataoko ahoana no hanao izany, ratsy lehibe izany ka hanota amin’ Andriamanitra?”Ary rehefa miatrika fifanoherana ianao dia hiteny tahaka ny mpaminany Joseph tamin’izy zatovo hoe: “Nahafantatra izany aho, ary nahafantatra aho fa nahafantatra izany Andriamanitra, ary tsy afaka mandà izany aho … Nahafantatra aho fa ny fanaovako izany dia hanafintohina an’ Andriamanitra.”

Araka izany ny finoana an’i Jesoa Kristy dia fifamatorana vokatry ny fitokisana efa voasedra noho ny tsy fivadihanasy ny fitiavana. Amin’ny teny hafa, ao anatin’ny fankasitrahana noho ny fitiavan’ Andriamanitra feno famindram-po (hesed), no hanehoantsika ny fitiavantsika tsy mivadika (emunah) amin’ny alalan’ny fitandremana ireo didiny.

Mampanantena i Kristy hoe: “Izay manana ny didiko ka mitandrina izany … no ho tian’ny Raiko, ary Izaho ho tia azy ka hiseho aminy.”Raha toa ianao ka manolo-tena ny tsy hivadika Aminy, dia hampibaribary ny fitiavany anao Izy.

## Finoana manoloana ny fahasarotana

Ahoana no tokony hasetrinao ireo toe-javatra sarotra tahaka izany izay ilàna fahagagana avy Aminy? Raha toa ka tsy azo ialana ireo fanamby ary indraindray mampatahotra dia mandehana tsy amin’ahiahy fotsinymanatona Azy, tsy misy hafa amin’ilay fanasan’ny lohahevitry ny HZM 2025 hoe: “Banjino aho amin’ny eritreritra rehetra, aza miroanàhana, aza matahotra.”

Alaovy sary an-tsaina hoe mpikaroka ianao, manavatsava tany iray izay mbola tsy nisy nahita. Mba ahafahanao mandresy ireo sakantsakana hatrehana dia mila loharanom-pahazavana ianao. Ny fahatokianao amin’ Andriamanitra sy ireo fifandraisanao tsy tapaka Aminy no solika ho an’ny fitoeran-jironao. Noho izany, rehefa tojo toe-javatra maizina sy mampidi-doza ianao, mba tsy handehanana an-jambany fotsiny dia areheto ny jironao feno soliky ny finoana an’i Kristy mba hanaparitahana tara-panantenana eny amin’ilay lalana tsy azo antoka.Ireo zavatra efa niainanao

Remember my story at the pool? In that moment of despair, the miracle came in the way I had expected, but God does not guarantee that it will always be according to our will. Our faith must be centered in Christ and our hope in His blessings, as He chooses to send them. “Expect miracles,”but “let God prevail in our lives.”

tany amin’ny lasa no hampitombo ny fanantenanao fa ny Tompo dia hanohana anao amin’ny dia ataonao.

Tadidinao ve ilay tantarako tao anaty dobo filomanosana? Tao anatin’izany fotoam-pahakiviana izany no nitranga tamin’ny fomba nantenaiko ny fahagagana, saingy tsy manome antoka Andriamanitra hoe ho tanteraka araka ny sitrapontsika foana ny fandehan-javatra. Tsy maintsy afantoka amin’i Kristy ny finoantsika, ary afantoka amin’ireo fitahiany ny fanantenantsika rehefa misafidy ny handefa azy ireny Izy. “Antenao ireo fahagagana,”saingy “avelao Andriamanitra no hanjaka eo amin’ny fiainantsika.”

## God’s Promises to His Faithful People

My young friends, how much we love and trust you! Youbelongto the family of God and are children of the covenant.Believeand trust in Jesus Christ. He will enable you to trulybecomeHis disciples.

I invite you to begin today to nurture your relationship with Jesus Christ.Make a commitment to never forsake Him.

Your loyalty, love, and trust in Christ will shape your character and identityafter His. You will gain confidence and strength to overcome Satan’s attacks.And when you make mistakes, you will yearn for His forgiveness.Finally, your hope for the future will be bright.He will trust you with His power to accomplish anything He expects of you,even the power to return to His presence.

I testify to you of the joy that comes from singing “the song of redeeming love”and being “encircled about eternally in the arms of his love.”In the sacred name of Jesus Christ, amen.

## Ireo fampanantenan’ Andriamanitra ho an’ny vahoakany mahatoky

Ry tanora namana, tena tianay ianareo ary atokisanay! Ianareo diampikambanaao amin’ny fianakavian’ Andriamanitra, ary zanaky ny fanekempihavanana.Minoaary matokia an’i Jesoa Kristy. Hanampy anareo Izy hotongaMpianany tena mahatoky tokoa.

Manasa anareo aho hikolokolo manomboka anio ny fifandraisanareo amin’i Jesoa Kristy. Manaova fanoloran-tena ny tsy hahafoy Azy mihitsy.

Ny tsy fivadihanareo amin’i Kristy sy ny fitiavanareo ary ny fitokisanareo Azy no hamaritra ny toetranareo sy ny fiizinareohifanaraka amin’ny Azy. Hahazo fahatokian-tena sy hery ianareo hanoherana ny fanafihan’i Satana.Ary rehefa manao fahadisoana ianareo dia hisitraka ny famelan-keloka avy Aminy.Farany, hamirapiratra ny fanantenanareo ny ho avy.Hatoky anareo hanomezany ny heriny Izy hahafahanareo manatontosa ny zavatra rehetra izay antenainy aminareo,eny fa na dia ny hery hiverenana eo anatrehany aza.

Ijoroako ho vavolombelona aminareo ny fifaliana ateraky ny fihirana “ny hiran’ny fitiavana manavotra”sy izany hoe “sakambininy mandrakizay amin’ireo sandrim-pitiavany” izany. Amin’ny anarana masin’i Jesoa Kristy, amena.